REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 22 jona 2022 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina androany ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY FITSARANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fampahafantarana ny "Évaluation Nationale des Risques de Blanchiment de Capitaux, le Financement du Terrorisme" eto Madagasikara (taona 2015 hatramin'ny 2017).

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nankatoavina ny fanafoanana ireo hetra mifandraika amin'ny fanafarana fitaovana fanamafisam-peo ho an'ny Radio Maria Madagascar.

**MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

Nankatoavina fa saingy arahina fepetra ny fandraisaan'ny minisiteran'ny toekarena sy ny fitantanam-bola an-tanana ny haba sy hetra amin'ny fanafarana fitaovana sy fanafody.

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY FAMATARANA NY TOETRANDRO+ MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nankatoavina fa saingy arahina fepetra ny fanafoanana ireo hetra mifandraika amin'ny fanafarana ireo kojakoja ilaina amin'ny fanamboarana, ny fikarakarana ireo fiaramanidin'ny Kaompania Air Madagascar.

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY FIOMPIANA**

Nankatoavina ny fangatahan'ny CIRAD ny fanafoanana ireo hetra mifandraika amin'ny fanafarana fitaovam-pitiliana ho an'ny FIFAMANOR ao anatin'ny tetikasa ECOAFRICA.

Nankatoavina ny fampitàna am-bava momba ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana famatsiam-bola eo amin'ny Repoblikan'i MAdagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ny Fampandrosoana (IDA) mikasika ny tetikasa fahafaha-miatrik'ireo rafitra ara-tsakafon'i Madagasikara, mitentina 158,1 tapitrisa dolara

Ny tanjon'ity tetikasa ity dia ny hanamafy ny fahafaha-miatrika ireo rafitra ara-tsakafo sy ny hanatsara ny fanomanan'ny firenena Malagasy hiatrika ny tsy fanjarian-tsakafo. Voakasik'ity tetikasa ity ireo faritra nandalovan'ireo rivo-doza farany sy ireo faritra tena ianjadian'ny tsy fanjarian-tsakafo (PIC3+): Analamanga, Vakinakaratra, Itasy, Atsinanana, Analanjirofo, Atsimo Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Anosy, DIANA, SAVA, Boeny ary Betsiboka.

Olona 600.000 no hisitraka ity tetikasa ity , ary miisa 120.000 ireo vehivavy

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**GOVERNEMANTA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2014-1788 tamin'ny 26 novambra 2014 ary manendry ireo mpikambana eo anivon'ny "Conseil de Discipline Budgétaire et Financière" (CDBF).

**MINISITERAN'NY FITSARANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Noraisina ny didim-panjakana mamaritra ny rafitra sy ny lamina mandrindra ny "comité de coordination et d'orientation" ny ady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiana ireo asa fampihorohoroana

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY SAMPANDRAHARAN'NY FANANAN-TANY**

Noraisina ny volavolan-dalàna manova ny fitsipika mifehy ireo tanin'olon-tsotra tsy misy "titre". Tsy voakasik'ity volavolan-dalàna ity ireo faritra arovana (aires protégées) sy ireo izay voakajy ho tanim-panjakana.

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**GOVERNEMANTA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. RAHARIJAONA Mbolatahina,** ho Talen'ny Arofenitry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa. ANDRIANARIVELO Laza Harinaivo,** ho Talen'ny Serasera eo anivon'ny Primatiora

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY SAMPANDRAHARAHAN'NY FANANAN-TANY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-902 tamin'ny 8 septambra 2021 ary manendry an'**Atoa RAKOTO Jean Réné,** ho Tale Jeneralin'ny Sampandraharahan'ny Fananan-tany

**MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1782 tamin'ny 18 septambra 2019 ary manendry an'**Atoa. RANDRIAMIRAMANANA Lalasoa,** ho Lehiben'ny Distrikan'i Vohemar

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-692 tamin'ny 10 aprily 2019 ary manendry an'**Atoa. RAKOTOARIVONJY Tsitohaina Stevenson,** ho Talen'ny Seraseran'ny Minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika.

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-0845 tamin'ny 24 aprily 2019 ary manendry an'**Atoa. TSIVAHINY Paubert,** ho Talem-paritry ny Fahasalamam-bahoaka ao Androy.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1335 tamin'ny 15 oktobra 2020 ary manendry an-**dRamatoa RAZAFINIMPIASA Hary Lala,** ho "Directeur Général d'Ingénierie de Formation" eo anivon'ny minisiteran'ny fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa

**MINISITERAN'NY FAMPIVOARANA SY NY FANOVANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1017 tamin'ny 29 septambra 2021 ary manendry an'**Atoa. RAKOTOARISON Clarck,** ho « Directeur Général des Opérations et de la Vulgarisation des TICs » eo anivon'ny minisiteran'ny fampivoarana sy fanovana ny haitao ara-kajy mirindra, ny paositra sy ny fifandraisan-davitra

**MINISITERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY SY NY FAMPIVOARANA NY VEHIVAVY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-409 tamin'ny 7 aprily 2021 ary manendry an-d**Ramatoa ANDRIAMAMPIANINA Marie Harimbonana,** ho Talem-paritry ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fampivoarana ny vehivavy ao Diana
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Atoa NDRIANAMBININA Zita Ramisizafy,** ho Talem-paritry ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fampivoarana ny vehivavy ao Vatovavy

# IV- FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-0763 tamin'ny 17 aprily 2019 ary manendry ny « Directeur des Instituts de Formation des Paramédicaux » ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY FANDROSOANA LOVAINJAFY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1056 tamin'ny 26 aogositra 2020 nanendry ny Talem-paritry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy tao Alaotra Mangoro

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1377 tamin'ny 8 desambra 2021 nanendry "Inspecteur à l'Inspection Générale" ny Zandarimariam-pirenena

**Natao ny 22 jona 2022**
**Ny Fitaleavan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe**
**eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**